TENY MAHAZO

Voaompa sy voahorakoraka ny Filoha Rajoelina

Voaporofo ankehitriny fa tena tsy faly amin'ny mpitondra TGV ny vahoaka Malagasy, fa tahotra amin'ny fanamparam-pahefàna ataon'ny mpitandro filaminana fotsiny no mitazona azy ireo tsy hitroatra. Vao ny talata lasa teo ny vahoaka tany Ambatolampy no nanao fihetsiketsehana manohitra ny fidangan'ny hetra alaina amin' ny mpandraharaha madinika any an-toerana raha tsy hilaza afa tsy izay fotsiny eto amin'ny gazety. Fa ny omaly dia henatra no nahazo ny mpitondra TGV , fa horakoraka sy siotsioka ary ompa no nahazo ny kaoritezin'ny fiara nitondra ny filoha Andry Rajoelina, raha nandalo

teny Mahazo iny. Midika izany fa ny vahoaka tsy miteny io anie, ka misy vainafo mahamay ny ao ampony ao, ka mety hipoaka amin'ny andro tsy ampoizina e! Nandritra ny herintaona nitondràn'i Andry Rajoelina dia tsy nisy zavatra mba nahafaly ny vahoaka no vitan'ity fitondràna ity ary tsy araka ny fampanantenana izay natao. Asaivo mamono afo hatrany ny seraseran'ny mpitondra ao manenjika ny olona tsy mitovy hevitra amin'ny fitondràna, fa dia amin'ny tsy ampoizina no mety hisy zavatra hipoaka eto . Ny nahatonga ny fahatezeran'ny mponina teny Mahazo omaly dia noho ny fanesorana ireo mpivarotra amorondalana teny an-toerana, nefa tsy misy vaha-olana omen'ny fitondrana hamindrana azy ireo. Ankoatra izany, mazava ny tenin'ny filohan'ny RMDM, Marc Ravalomanana hoe : mba izay laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka aloha no tokony himasoana fa ny rendrarendra tsy mitondra mankaiza mila havela aloha. Izao ka afabaraka tanteraka tamin'ny tsy nampoizina ny filoha Andry Rajoelina teny Mahazo.

Helisoa

Vinam-pampandrosoana

Tsy manana olona Rajoelina sy ny IEM

Fanatanterahana ny vinam-pampandrosoana, azo lazaina fa tsy nanana ary tsy manana olona ny fitondrana Andry Rajoelina, sy ny IEM. Izay no antony nikarohany sy nanaovany fiantsoana ireo manam-pahaizana, na eto amin'ny firenena, na monina any ivelany, izay hoe vonona hiara-hiasa aminy. Tamin'ny fampielezan-kevitry ny fifidianana filohampirenena anefa dia toa ohatry ny efa vonona avokoa ny hanatanterahana ilay IEM, sy ny olona rehetra hanao izany. Momba izay fitadiavana olona manam-pahaizana nataon'ny fitondrana izay, voalaza fa miisa 7855 ireo malagasy mpiray tanindrazana nandefa ny mombamomba azy ireo, sy ny fari-pahaizany ary ny ezaka afaka hoentiny ho an'ny firenena. Sehapihariana maro no tonga namaly ny antso ary nampita izany tamin'ny alalan'ny tranokalam-pifandraisana teo anivon'ny Fiadidiana ny Governemanta. Raha arafitra hoy ny fanambarana dia toy izao ny fangatahana fiaraha-miasa voaray : Ambasadaoro, na hoe solontena maharitra any ivelany : 97 na 1,23% ; ministra : 460 na 5,86% ; governoram-paritra : 243 na 3,09%; Sekretera Jeneraly : 231 na 2,94% ; Tale Jeneraly : 779 na 9,92% ; mpandrindra ankapobeny : 162 na 2,06%; mpanolotsaina: 530 na 6,75%; tale : 1642 na 30,82% ; Mpiandraiki-draharaha : 12 na 0,15%. Raha atotaly dia miisa toy izao ireo vonona ny ho mpisahandraharaha ambony : 4156 ary mpitantana eo anivon'ny fanjakana : 3699. Ireo no ahazoana ny totaly 7855. Namaly ny antso nataon'ny fitondrana foibe avokoa ny teratany Malagasy, na avy eto an-toerana, na avy any Eoropa, Etazonia, Afrika, Kanada. Anjaran'ny kabinetra manokaana no miandraikitra ny fanadihadiana sy fandraisana ary fandinihana ny antotantaratasy rehetra voaray, no manohy ny asa. Miisa telo izy ireo : SGGroup, Agile ary Coef Ressources. Ny fitondram-panjakana foibe kosa no hizaha sy hangataka araky ny filan'ny sampan-draharampanjakana isan-tokony avy ireo manam-pahaizana Malagasy vonona hifanolotanana araka izay lamina nambaran'izy ireo tao anatin'ny famaliana ny tolotra ho amin'ny fitondram-panjakana ary manaiky ny rindran-damina napetraka sy voarikitra ao anatin'ny IEM.

Niaina

Fahefana mpanatanteraka

Tafajoro ny governemanta faha-3, Ntsay Christian

Tafajoro omaly teny amin' ny lapampanjakana lavoloha ny governemanta faha-3 an'ny Praiministra Ntsay Christian. Nisy ireo ministra vaovao niditra amin'izany governemanta izany, nisy koa ireo ministra nijanona amin'ny toerany teo aloha ihany. Araka ny voalaza teo dia mijanona amin'ny toerany ihany ny lehiben'ny governemanta Ntsay Christian:
-Minisitry ny Fiarovam-pirenena : Général de Corps d'Armée Rakotonirina Léon Jean Richard.
-Minisitry ny Raharahambahiny : Pr Tehindrazanarivelo Jacob.
-Mpitahiry ny Kasem-panjakàna, Minisitry ny Fitsarana :
Jhonny Richard Andriamahefarivo.
-Minisitry ny Toekarena sy ny Vola : Richard Randriamandranto.
-Minisitry ny Atitany sy ny Fanapariaham-pahefàna : Razafimahefa Tianarivelo.
-Minisitry ny Filaminambahoaka : Contrôleur Général de Police Randrianarison Fanomezantsoa Rodlish.
-Minisitry ny Fanajariana sy ny Asa Vaventy : Andrianainarivelo Hajo.
-Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana ara-teknika ary ny Fampiofanana arak' asa : Ramatoa Andriamanana Josoa Sambatra.
-Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka : Pr Ahmad Ahmad.
-Minisitry ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono : Ranarivelo Fanomezantsoa Lucien.
-Minisitry ny Angôvo sy ny Akoranafo : Ramarolahy Christian.
-Minisitry ny Harena ankibon'ny tany sy ny Loharanon-karena Stratejika : RAVOKATRA Fidiniavo.
-Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetrandro : RANDRIAMANDRANTO Joël.
-Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asampanjakàna ary ny Lalàna Sôsialy : Ramatoa Ramampy Gisèle.
-Minisitry ny Fampianarana ambony, ny Fikarohana ara-tsiansa sy ny Fanavaozana : Pr Assomakoa Elia Béatrice.
-Minisitry ny Indostria, ny Varotra, sy ny Asa tànana : Ramatoa Rakotomalala Lantosoa.
-Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra : Ramatoa Raharinirina Baomiavotsy Vahinala.
-Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra : Ramaherijaona Andriamanohisoa.
-Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsôsialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy : Ramatoa Naharimamy Lucien Irmah.
-Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena : Raharoarilala Tinoka Roberto Michael.
-Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina : Ramatoa Andriantongarivo Rakotondrazafy Lalatiana.
-Minisiteran'ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana: Ramatoa Rakotovelomanantsoa Voahary.
-Minisitra lefitra misahana ny tanàna vaovao sy ny toeram- ponenana: Andriamatoa Zasy Angelo.
-Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran' ny Fiarovam-pirenena, miadidy ny Zandarimariam-pirenena : Général de Corps d'Armée RAVALOMANANA Richard.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Iray volana tsy nahitana mangirana izay hihatsarany ny fiainam-bahoaka

Mamarana ny volana voalohany sahady amin'ity taona vaovao ity isika ankehitriny. Iray volana nifamahofaho tamin'ny toe-javatra maro samihafa teto amin'ny firenena. Niseho izany tamin'ny sehatra politika, ny ara-tsosialy ary ny ara-toekarena. Tsy hita ho nitondra soa ho an'ny vahoaka sy ny firenena anefa ireny rehetra ireny hatreto.
Teo amin'ny lafiny politika, dia niaraha-nahita ny zava-tsy manjary nitranga teo amin'ny fifidianana ben'ny tanàna. Niainga hatrany am-panomanana sy nandritry ny andron'ny fifidianana ary ny famoahana ny vokatra vonjimaika sy ny ofisialy. Nampihivingivina ny olom-pirenena ny zava-nitranga tamin'ity farany. Mbola tantara mitohy ny amin'io raharaha io satria misy ny fampiakarana fitsarana ambony ny amin'izany. Hanao ahoana ihany koa ny valiny? Ho hita eo na ho hany hampitsiry ny fanantenana ho an'ny olom-pirenena vanona, na hampangidy fara ny resaka fifidianana eto amin'ity firenena ity, ka ho maizina ny ho avy sisa rehetra. Santionany amin'ny resaka politika eto amin'ny firenena io.
Mirazotra amin'ny olana ara-politika ny olana ara-toekarena. Ity fitondrana Rajoelina ity dia ambara mandrakariva fa mpamorona olana eto amin'ny firenena. Maro ny tranga toy izany, iray amin'ireny, ohatra, ny raharaha Ambohitrimanjaka, izay efa hita fa tsy mety izao, ary tsy fahendrena velively ny manatanteraka azy, dia mbola ikiriana ihany ho hatao. Efa nisy olona namoy ny ainy teny an-toerana noho ny alahelo be amin'izany fikasan'ny fitondrana izany, kanefa iniana ikimpiana sy odiana tsy hita sy tsy fantatra fotsiny izao izany. Izany ve no fitondrana mitsinjo vahoaka? Izao indray dia omena vahiny ny tany midadasika any atsimo any. Ny raharaha"Bas-Mangoky" no tiana ho lazaina amin'izany. Tsy toy izany ihany ve no niampangana sy nanenjehan-dry Rajoelina sy forongony ny filoha Ravalomanana Marc tamin'ny fotoan'andro nanonganam-panjakana, kanefa tsy marina akory ary voaporofo ny tsy fahamarinan'izany henjikenjika ratsy izany taty aoriana kely fotsiny. Izao iaraha-mahita miharihary ny tena manao izany fivarotana tanindrazana izany ary manome vahana ny vahiny hahazo tany be velarana sy midadasika eto amin'ny firenena. Na inona fanazavana atao, tsotra ny an'ny mpandinika, omena vahiny tany. Santionany amin'ny olana eo amin'ny sehatra ara-toekarena ihany koa ireo.
Ny sehatra tena ipetrahan'ny olana goavana tanteraka amin'izao fotoana izao dia ny ara-tsosialy. Tsy misy afitsoka amin'ny vahaolana amin'io na kely aza hatreto ny fitondrana Rajoelina. Tsy mitsaha-miakabidy ny sakafo filan'ny mponina andavanandro, ary iainam-bahoaka izany na eo aza ny fandrebirebena amin'ny tarehimarika samihafa ilazana ny tsy fisondrotan'ny vidim-piainana. Tsy misy fiovàny sy tsy misy fihatsaràny ny fiainam-bahoaka. Vao mainka miha- gorobaka ny kitapom-bolan'ny isan-tokantrano hikaohana andro aman'alina izay hany potipotiny sisa tavela amin'izay mba notadiavina raha misy. Tsy manana politika mazava sy hentitra hanarenana maika izany olam-bahoaka izany ny fitondrana. Toa vao mainka aza hatao hatrany izay hahafefika ny vahoaka toy ny natao tany Ambatolampy, ka notoherin'ny mponina. Ity fitondrana ity ihany no mamorona olana eto amin'ny firenena. Hiditra amin'ny volana faharoa isika, tsy mbola ato ho ato akory no hivahan'izany olana rehetra izany, sy izay tsy voatanisa, ary inoana fa tsy maintsy mbola hisy olana vaovao hafa indray hipoitra ao aoriana kely, tsy ho ela eo.

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mioty R